

مخالفات الحج والعمرة والزيارة
(الجمعية)

**Ireo hadisoana sy ny tsy
fanarahan-dalàna amin'ny Hajj
sy Oumrah ary ny famangiana**

Ireo hadisoana sy ny tsy fanarahan-dalàna amin'ny Hajj sy Oumrah ary ny famangiana

Komitin'ny Siantifika ara-mpahalalana misy ao amin'ny Fikambanana mpikarakara ny momba ny Serivisy Islamika amin'ny lafiny ireo fiteny maro samy hafa misy maneran-tany

Ireo hadisoana sy ny tsy fanarahaan-dalàna mifandraika amin'ny Oumrah

Voalohany : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoana izay hita fa ataon'ny Olona maro amin'ny lamba Ihram

Famelana ny tonombavaka izay tokony hatao, izany hoe : Tsy mampiakatra feony Izy mandritra ny fotoana fanatanterahana an'ireo fombafomba izay nokasainy hatao tamin'ny fotoana izay hanombohany hisikana ny fitafina : Ihram.

Ny Sounnah : Mampiakatra ny feo avo amin'ny fanaovana izany.

Misy amin'ireo olona sasany mihevitra fa ny lamba Ihram dia fitafy fotsiny, izany hoe : (mitafy lambahoany na lamba amin'ny vatana)

Ny tena marina fa ny Ihram dia fikasana ny hiditra amin'ny fombafomba fanatanterahana ny Hadjy, ary ny famantarana an'izany dia : Ny famerimberenana ny Talbiyah. Koa izay namerimberina ny Talbyah ary nikasa ny hanao ny Hadjy na Oumrah dia efa niditra ao amin'ny Ihram.

Misy amin'ireo olona sasany mihevitra fa tsy maintsy atao ny miseky rehefa hitafy ny lamba Ihram.

Saingy izy io dia Sounnah ka tsy misy fahotana amin'ny tsy fanaovana izany.

Misy amin'ireo olona sasany mihevitra fa ny Soalat raka-ant roa dia tsy maintsy atao rehefa hitafy ny lamba Ihram, na koa hoe Sounnah manokana izay tsy maintsy atao, saingy afaka mivavaka sy manatanteraka izany izy amin'ny fomba sy fotoana rehetra.

Ny fomba fijery marina dia ny fazahoan-dàlana manao swalat alohan'ny hitafy ny lamba Ihram, saingy tsy misy vavaka manokana natokana ho an'izany. Fa raha manao ny vavaka na ireny Soalat tsy maintsy atao izy na ny vavaka Soalat hafa, dia azo ataony ny manao lamba Ihram aorian'izany.

Misy amin'ny olona sasany mihevitra fa tsy maintsy atao ny mijanona eo amin'ny Mikaty sy midina any amin'ny Mosquée.

Saingy tsy voatery akory izany. Fa raha misy olona mitafy ny lamba Ihram ka mandalo amin'ny faritra Mikaty ary manao Talbiyah eo amin'izany toerana izany na koa mety izy manao azy raha ao anaty fiarany dia efa mety sy mahampy ho azy izany, toy ny olona iray ao anaty fiaramanidina manao ny Talbiyah rehefa tonga eo amin'ny faritra Mikaty na dia kely alohan'izany aza fa tsy mihoatra ny Mikaty.

Fanaovana ranomanitra eo amin'ny lamba Ihram

Fa ny marina no sady tsara dia ny manosotra ranomanitra eo amin'ny vatana.

Misy ny olona mihevitra fa tsy maintsy atao ny manala an'ireo volo rehetra miafina amin'ny vatana, na koa manapaka ny hoho, ary manala volokelika rehefa hitafy ny lamba Ihram, na ny sasany amin'izy ireo mihevitra fa Sounnah amin'ny fitafina lamba Ihram ihany koa izany rehetra izany.

Ny tena marina dia Sounnah amin'ny fomba ankapobeny izany rehetra izany rehefa ilaina.

Ny Ihram alohan'ny Mikaty.

Ary izany dia mifanohitra amin'ny Sounnah. Fa na dia izany aza, raha misy olona ao anaty fiaramanidina dia azo ataony ny misikina ny lamba Ihram mialoha mba tsy ho diso toerana noho ny hafainganam-pandehan'ny fiaramanidina. Toy izany koa, raha sendra matahotra izy sao tafatory ka tsy mahita ny toerana, dia azony atao ny manao Ihram aloha araka izay ilainy manoloana an'izany.

9.Ny olona mikasa ny hanao ny fombafomba dia mandalo eo amin'ny Mikaty nefa tsy mitafy ny lamba Ihram, na koa mety noho ny tsy fahalalana, na tsy firaharahiana, na koa mety noho izy tao anaty fiaramanidina.

Raha mandalo ny Mikaty izy ka mikasa hanao Oumrah na Hajj nefa tsy niskina lamba Ihram avy any amin'ny toerana tokony hanaovany an'izany

dia tsy maintsy miverina ao amin'ny Mikaty izy ary eo izy vao mitafy ny Ihram. Toy izany koa, raha misy olona tonga any amin'ny seranam-piaramanidina Jeddah ka tsy nitafy Ihram amin'ny fiaramanidina noho ny antony rehetra izay voalaza, dia tsy maintsy mivoaka any amin'iray amin'ireo Mikaty izy mba hitafy ny Ihram avy any. Tsy tafiditra amin'izany kosa ireo olona tsy mandalo Mikaty na mifanaraka amin'ny Mikaty, Satria efa nitafy ny Ihram avy any Jeddah izy, tahaka ny vahoakan'i Soudan raha tonga amin'ny fiaramanidina na sambo. Raha tsy fantany fa mandalo amin'ny Mikaty eo Yalamolamo na ny Mikaty an'i Al-Djouhofah amin'ny lalana izay nihaviany izy ireo.

Ny fomba fahazoana diso momba ireo zavatra mizaitra, dia misy ireo mihevitra hoe ny zavatra rehetra mizaitra dia tsy azo sikinana, ka noho izany dia lasa menatra ny misikina ny fehi-kibo na kiraro misy zaitra.

Izany nefa dia tsy marina, Fa ny mizaitra tsy mety dia toy ny akanjo voazaitra izay nozairina na namboarina hifanaraka amin'ny vatana, toy ny akanjo sy pataloha ka lasa nanao an'izany izy amin'ny fomba mahazatra azy.

11.Ny fitafian'ny vehivavy fonon-tànana, bourka, nikabo, na voaly feno.

Fa ny tsy maintsy aminy - raha toa ka eo anatrehan'ny lehilahy vahiny izy - ny manarona ny tavany sy ny tànany amin'ny zavatra hafa ankoatra

ny nikabo sy ny fonon-tànana. Satria i Mpaminany (S.A.W) efa nandrara ny vehivavy iray mitafy ny Ihram mba tsy hanao izany.

12-Misy amin'ny olona sasany mihevitra fa ny vehivavy dia manana fitafy na akanjo manokana ho amin'ny Ihram, na mainty na maitso na fotsy.

Tsy marina avokoa ireny izany; fa ny vehivavy afaka mitafy izay lamba tiany ho Ihram, fa tsy mila mampiseho ny haingony sy endrikan'ny vatany fotsiny.

13.Misy amin'ny olona mihevitra fa tsy azo atao ny manova na manala ny lamba fotsy Ihram.

Ny tena marina dia mety ary azo ataon'ny mpanao Hajj ny manova na manasa an'ilay lamba Ihram avy eo dia azony tafina indray ilay lamba.

14.Ny famoahana soroka dia hatramin'ny fiandohan'ny Ihram ka hatramin'ny farany.

Ny tena izy dia ny atao hoe famoahana soroka dia natao ho an'ny Tawaf amin'ny Oumrah na ny Tawaf amin'ny fahatongavana ihany.

Fandàvana tsy hiditra amin'ny lamba Ihram ary hamarana izany tsy misy antony ara-dalàna akory ny hanaovana izany.

Ny Mpitafy lamba Ihramo dia voadidy ny tsy maintsy mitafy lamba Ihram mandrapahavitan'ireo fombafomba rehetra mifandray amin'izany, fa raha misy antony ara-dalàna manome alàlana azy hialany amin'izany Ihram izany, toy ny hoe voasakana, ka amin'ity tranga ity

dia azony atao ny mamela sy mivoaka amin'ny lamba Ihram. Fa raha nikasa hiala amin'ny Ihram rehefa aoriany izy efa niditra amin'izany lamba Ihram izany, ka tsy voatery ny hanao na inona na inona. Fa raha tsy nandidy na nametraka fepetra amin'izany kosa izy, dia tsy maintsy aminy ny mamono Biby atao sorona, manapaka biby sady manala ny volony, izay vao miala amin'ilay lamba Ihram.

Faharoa : Ny tsy fanarahan-dalàna sy ny fahadisoan'ny olona mandritry ny fotoana fanaovana Tawaf

Ny fanoavan'ny olona ny Douan izay tsy voaporofa rehefa miditra ao amin'ny Mosquée masina na koa rehefa mahita ny Kaaba.

Ny Sounnah dia ny mijanona min'izay rehetra hita sy azo antoka fa nataon'ny Mpaminany (S.A.W).

2.Ny fitenenana amin'ny feo ambony ny fikasana alohan'ny hanombohany ny Tawaf.

Ny fikasana dia apetraka ao am-po, ka tsy azo atao ny mamoka feo ny amin'izany.

Ny tiana holazaina dia ny amin'ny fanomboahana ny Tawaf eo alohan'ny vato mainty, mba ho fitandremana.

Ka izany dia fihoaram-pefy.

4.Ny fanombohana ny Tawaf dia manomboka rehefa avy nandalo teo amin'ny vato mainty, ary izany dia isaina sy heverina ho fiodinana iray.

Izany dia diso, fa raha nanao izany izy dia diso ary tsy hoheverina ho anisany olona nahavita an'izany fihodinana izany.

Mapiakatra na manangana tàmàna rehefa mitodika amin'ny vato mainty toy ny fomba fanaonao amin'ny vavaka Soalat, na mamerina mampiakatra sy manangana indray ny tàmàna intelo mian-toana.

Ny Sounnah dia manao indray mandeha ihany ny fampiakarana ny tàmàna manondro azy amin'ny tàmàny an-kavanana.

Ny fitsanganana sy fijorojoroana elabe eo amin'ny vato mainty.

Ny Sounnah dia tsy tokony manalava ela-be ny fijoroana eo.

Ny fifandonana mafy mba hahatratra ny vato mainty ka hanoroka azy.

Ny Sounnah dia tsy mifanosika. Fa raha afaka manatona azy amin'ny endrika tsy mifanosika dia tokony ho izany no ataony, Fa raha tsy izany dia aleony ihany ny manondro azy fotsiny avy aty lavitra.

Miverina raha nandalo ny vato Mainty ka tsy niteny Alloahou Akbar; Mba hanondroana sy hitenenana Takbir, na hiteny Takbir rehefa avy nandalo aminy.

Diso avokoa izany rehetra izany, fa ny Sounnah efa dila tamin'ny fotoany izany, ary tsy asaina miverina manao an'izany indray izy. Ka tsy misy tsiny ho an'ny olona iray izay nanadino niteny ny Takbir na koa nanambela na nandao izany tamin'ny finiavana.

9.Fanokanana Douan isaky ny miodina eo amin'i Kaaba.

Satria izany dia tsy misy porofo mazava momba izany. Ny Sounnah dia natao ho an'ireo Olona manao Tawoafu mba hitalaho sy hangataka amin'izay rehetra tiany amin'ireo zava-tsoa eto amin'izao tontolo izao sy ny any an-koatra ihany koa, ary hahatsiaro an'i Tompo Allah ilay avo Tsitoha amin'ny fahatsiarovana rehetra izay azo atao amin'ny fanomezam-boninahitra Azy, ny fiderana, fanambarana ny maha-tokana sy iray Azy, na ny fahalehibeazana, na ny famakiana ny Boky masina KOROANY.

Ny diamaika atao eo amin'ny Tawaf.

Ny Sounnah dia tokony ho eo amin'ny fihodinana telo voalohany ihany.

Tsy azo atao ny mitazona ny Kaabat eo amin'ny tanana an-kavia mandritra ny fihodinana eo Aminy raha tsy hoe efa misy fialan-tsiny.

Ny Sounnah dia ny fametrahana ny Kaabat eo amin'ny lafiny ankavian'ilay Mpanao ny Tawoafu, ka tsy tokony hanamaivana an'izany izy, amin'ny endrika tsy firarahiana an'izany. fa raha sendra tsy

hafaka Izy noho ny fitohanana na ny toy izany dia tsy maninona.

12.Manoroka ny zorony havanana, na manondro azy raha tsy afaka manoroka azy.

Ny Sounnah dia ny mikasika azy amin'ny tànana ihany nefa tsy manoroka azy. Raha tsy afaka mikasika izany kosa izy dia tsy tokony hanondro izany.

Mikasika sy manoroka ny zorony rehetra amin'ny Kaabat, na ny rindrina, ary misafo azy ireo ihany koa.

Izany rehetra dia mifanohitra amin'ny Sounnah, Satria tsy misy zavatra azo atao afa-tsy ny hoe manoroka ny vato mainty sy mikasika ny Zoron'ny Yamany fotsiny.

Heverina fa ny fikasihana ny Zoro Yamany sy ny Vato Mainty eo amin'ny Kaabat dia natao ho fitahiana fa tsy ho fanompoana.

Izany rehetra izany dia miseho nohony tsy fahalalana sy fahaverezana, Satria eo ampelatanan'i Allah irery ihany ny soa sy ny ratsy. Fa ny tatitra azo avy tamin'i Oumar (R.A) rehefa tonga nan-keo teo amin'ny vato mainty Izy ka nanoroka azy, ary Niteny teny nanao hoe : “ Fantatro fa ny Vato dia zavatra tsy afaka manisy ratsy na manasoa lanao, Fa raha tsy nohony fahitako an'ny Mpaminany (S.W.A) nanoroka Anao, dia tsy nanoroka Anao akory Aho.”

Manandratra ny feo amin'ny fangatahana sy fitalahoana amin'ny fomba izay manelingelina ny Olona sasany manao ny fihodinana.

Ny Sounnah amin'izany dia ny hahatsiarovany ny Tompony sy ny fitalahoana Aminy eo amin'ny tenany irery ihany; Mba tsy hanakorontanana ny hafa eo amin'ny fanompoana.

Setry sy sahirana maka sary na miresaka amin'ny sisiny mandritra ny fanaovana Tawoafao.

Ny tena izy ho an'ny olona manao ny Tawaf dia ny mahatsiaro ny tompony amin'ny fanetren-tena sy ny fanekena ary ny fanatrehan'ny fo.

Famitana ny Tawaf alohan'ny hahazoana antoka fa tonga any amin'ny Vato Mainty Ianao.

Tsy maintsy atao ny mamita ny fihodinana fahafito izy mandra-pahazoany antoka na heveriny fa mety ho tonga amin'ny Vato mainty Izy.

Amin'ny fotompinoana milaza fa tsy maintsy atao amin'ny toerana ao ambadiky ny Makamo na akaiky azy eo ny Rakaat roa rehefa avy manao ny Tawoafao, ka dia lasa misy mifandrombaka izy ireo ary miteraka fahasahiranana ho an'ny mpanao fivahiniana masina mandritra ny vanim-potoana hanaovan'izy ireo ny zava-drehetra, ka lasa manakana ny Tawoafon'izy ireo izany.

Voalaza etoana fa diso io fiheverana io. Ny Rakaat Roa aorian'ny Tawoafao dia ampy sy azo atao amin'ny toerana rehetra ao amin'ny Mosque. Ny mpivavaka dia afaka mametraka ny Makamo eo

anelanelan'ny tenany sy ny Ka'bah - na dia lavitra azy aza - ary mivavaka ao an-tokotany na lavarangan'ny Mosque, amin'izany dia misoroka ny loza ary manao ny vavaka amim-panetren-tena sy amim-pitoniana.

Fanalavana ny Raka'ah Roa amin'ny Tawoafy sy ny fangatahana ary fitalahoana aorian'izany.

Ny tena Sounnah dia ny fanafohezana an'ireo zavatra rehetra ireo, ary ny tsy fanaovana ny hataka sy fitalahoana aorian'izy ireo izany. Satria izany dia tsy fomba amampy azo avy tamin'ny Mpaminany (S.W.A) izany.

Manao ny Rakaat roa amin'ny Tawaf mametraka ny lambany eo ambany helika.

Fa ny Sounnah dia ny mamerina ny akanjony indray mandeha eo an-tsorony indray avy hatrany rehefa vita ny Tawoafy.

Fahatelo : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ny Olona eo amin'ny fivezivezena.

Fametahana ny lambana Ihiramo eo ambany helika.

Efa voalaza tetsy aloha fa ny fanaovana Ihiramo eo ambany helika amin'ny ilany havanana dia atao mandritra ny fihodikodinana eo amin'ny Tawoafy amin'ny Kaabat ihany.

2.Manonina ny fikasana alohan'ny hanombohana ny fivezivezena.

Efa voalaza teo aloha fa ao am-po no toerana ametrahana ny fikasana, ary tsy azo atao ny mamoaika ny feo amin'izany.

3.Fanombohana eo amin'ny Al-Marwah rehefa mivezivezy.

Diso izany, ary izay manao izany dia tsy voaray ho isan'ny fihodinana mety izany.

4.Misy amin'ny olona mihevitra fa ny fihodinana iray dia mandroso sy miverina, ka lasa mandeha mivezivezy in'efatra ambin'ny folo izy.

Diso izany, Satria ny fandehanana avy amin'ny Swafa mankany amin'ny Marwa dia raisina ho fivezivezena iray, ary ny avy amin'ny Marwa mankany amin'ny Swafa dia fivezivezena iray ihany koa, ary ny voalohany dia miainga avy any amin'ny Swafa ka mifarana any amin'ny Marwa.

Miakatra teo an-tampon'ny Tendrombohitra Swafa no heveriny sasany fa fomba fanao tsy azo avela.

Nefa tsy misy Porofo mitaky amin'izany.

Fampiakarana ny tànana sy manondro azy ireo toy ny fomba fatao amin'ny Takbir rehefa manao ny Soalat.

Ny marina dia ny mijanona amin'ny fiatrehana ny Kibla sy ny fangatahana ary fitalahoana amin'izay voalaza.

7-Fihazakazahan'ny vehivavy mafy eo anelanelan'ny famantarana roa toy ny lehilahy.

Ny tena izy dia ny fandehanana an-tongotra, araka ny fifanarahan'ireo manam-pahaizana ho fitsinjovana azy tsy hiala sarena izany.

8-Ny fanokanana Douan manokana isaky ny fivezivezena eo amin'ny Swafa sy Marwa.

Izany dia fomba amam-panao tsy nahitana porofo akory, Fa tokony hivavaka araka izay tiany kosa ny olona eo amin'ilay tendrombohitra, fa tsy misy Douan manokana izany.

Fampiakara-peo manelingelina ny olona rehefa mivezivezy amin'ny tendrombohitra roa.

Ny Sounnah dia ny midera ny tompony sy ny fanaovany Douan fitalahoana eo amin'ny tompony sy ny tenany; mba tsy hanakorontanana ny hafa.

10.Ny fanafainganana ny dia tongotra eo anelanelan'ny Swafa sy Marwa isaky ny fivezivezena.

Ny Sounnah amin'izany dia ny fanafaingana rehefa tonga eo anelanelan'ny famantarana maitso roa ireny ihany.

11-Swalat roa Rakaat rehefa vita ny fivezivezena.

Ary izany dia tsy misy porofo manamarina azy, ka lasa tsy azo atao izany.

Ny fivezivezena an-tsitraro, ankoatra ny fombafomba tokony atao amin'ny fanaovana Hajjy.

Ary ny fifevivezena dia tsy azo atao amin'ny endrika an-tsitraro.

Fahaefatra : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ny olona amin'ny fanasolana na fanafohezana ny volo.

1.Manamora ny fanasolana na fanafohezana ny volo eo amin'ny loha.

Fa ny Souannah dia ny manasola na manafohy ny volon-doha iray manontolo.

2.Manasola na manafohy ny volo ao anatin'ny Mosque AL-HARAM, ary manipy ny volo ao anatin'ny.

Takina ny faanajana ny Mosquée AL-HARAM sy ny miantoka ny fahadiovana azy.

3.Ny fanemorana ny fanasolana na ny fanafohezana azy be loatra dia mety mitarika ho amin'ny fanadinoana izany na koa ho lasa variana amin'izany.

Ny tena izy dia ny fanaovana sy fanombohana izany avy hatrany aorian'ny fahavitan'ny fihodinana sy ny fivezivezena.

4.Ny fanaovana ireo zavaboararan'ny lamaba Ihram alohan'ny hanasolana na hanafohezany ny volo.

Ny voadidy dia ny tsy manao na inona na inona amin'ireo zavatra voarara afa-tsy rehefa avy nanasola na nihety volo.

Fahadisoana sy fandikan-dalàna mifandraika amin'ny Hajj

Voalohany : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ireo olona amin'ny andron'ny

Tarwiyah (andro fahavalo ny volana ny Hajjy)

Misy ny olona mihevitra fa tokony mitafy lamba Ihram amin'ny andro Tarwiyah avy ao amin'ny Mosquée Masina HARAM, na avy ao amin'ireny toerana voatokana.

Fa ny Sounnah dia mitafy ny lamba Ihram avy amin'ny toerana misy azy; Na ao Lameka na ao Mina.

Fanatarana ny fitafina ny lamba Ihram mandrapahatongavan'ny vavaka mitataovovonana (Zouhri).

Fa ny Sounnah dia ny mitaf azy amin'ny Hajjy amin'ny andro maraina alohan'ny vavaka mitataovovonana.

Miala ny alina ka tsy matory ao Mina nefa afaka manao an'izany fatorina izany.

Fa ny Sounnah ho an'ny mpanao fivahiniana masina ny matory ny alina ao Mina raha afaka manao an'izany. Satria izany no fomba fanaon'ny Mpaminany (S.A.W) tao Mina.

Fanambarana ny Soalat ao Mina.

Fa ny Sounnah dia ny manafohy ny Soalat ao Mina fa tsy atambatra. Manaraka ny fomba sy ohatry ny nataon'ny Mpaminany (S.A.W).

Faharoa : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ny Olona amin'ny andro Arafa

Mijoro eo amin'ny faritra Arafa amin'ny ampahan'andro fahavalo ho fitandremana.

Izany dia fihoaram-pefy sy fandikan-dalàna izay voarara.

Mitodi-doha makany Arafa amin'ny andro fahavalo na ny alin'ny faha-sivy ary mandry any.

Mifanohitra amin'ny Sounnah izany, ary manao antsirambina ny Sounnah amin'ny fatorina alina ao Mina.

Fijoroana ivelan'ny faritry ny Arafa.

Ny Mpivahiny rehetra dia tsy maintsy maka antoka tsara fa mijoro ao anatin'ny sisin-tanin'i Anrafat.

Mieritreritra ny sasany fa tsy maintsy manatanteraka vavaka miaraka amin'ny Imam ao amin'ny Mosquée Namirah sy ny fipetrahana ao.

Tsy voatery akory izany, ary tsy azo atao ny mivangongo ao noho izany antony izany.

Mandeha eny amin'ny tendrombohitra (Ilal) rehefa hanao hataka Douan.

Ny Sounnah dia ny mitodika any amin'ny Kiblat.

Ny finoana fa tsy maintsy miakatra ny tendrombohitra Ilal, na iray amin'ireo fombafomban'ny Hajjy, na manana hasina na tombony amin'ny sisa amin'ny Arafa.

Tsy misy porofo manamarina izany fa mifanohitra amin'ny fomba amapanaon'ny Mpaminany (S.A.W) anie izany.

Ny fanomezana anarana ny tendrombohitra Ilal ho tendrombohitry ny famindrampo, na tendrombohitry ny fangatahana Douan.

Ny anarana marina dia (Ilal), ary tsy misy porofo ny fiantsona azy ho tendrombohitry ny famindrampo na fangatahana Douan.

Fidirana ao amin'ny Kouba ao amin'ny tendrombohitra Arafa, izay antsoina hoe Kouba an'i Adama, ary mivavaka ao sy mihodidina azy toy ny atao amin'ny Kaaba.

Forona ary voarara avokoa izany rehetra izany, ary mety hitarika ho amin'ny fanompoantsampy izany fomba izany.

Fitadiavana ny tso-drano amin'ilay andry naorina teo amin'ny tendrombohitra Arafa sy ny fanoratana anarana teo aminy.

Forona ary voarara avokoa izany rehetra izany, ary mety hitarika ho amin'ny fanompoantsampy ihany koa.

Mametraka vola eny amin'ny lavadavaka teny amin'ny tendrombohitra ny Arafa na ny tendrombohitra Al-Nour, na ny fametrahana volo, hoho, fitafiana, sns, ka inoana fa hitarika ny fiverenan'ny tompony amin'ireo toerana ireo any aoriana any.

Forona ary voarara avokoa izany rehetra izany, ary mety hitarika ho amin'ny fanompoantsampy izany.

Ny olona sasany dia mihevitra fa ilaina ny mijoro eo amin'ny toeran'ny Mpaminany, na mampanao ny hafa amin'izany.

Fa ny tena marina dia tsy voatery ny manao an'izany, ary tsy azo atao mihitsy izany.

Mandany fotoana, manao tsirambina ny fangatahana sy fitalahoana ary ny fahatsiarovana, ary variana amin'ny zavatra tsy mahaso.

13.Fanatarana ny fiantombohan'ny Douan mandra-pahatongan'ny filentehan'ny masoandro, na ny faran'ny andro.

14.Manery tena hijoro eo am-panatanterahana ny Douan, ary ny fiheverana izany ho Sounnah, na ny fiheverana fa ny dikan'ny hoe mijoro eo amin'ny Arafa dia mijoro mba hitalaho sy hangataka.

Ny marina dia ny hoe : Mijoro ao Arafa dia tokony ho eo amin'io fotoana io, mitsangana na mipetraka na mitaingina na mandeha dia mety avokoa izany.

15.Ny fialana eo Arrafa alohan'ny filentehan'ny masoandro.

Izany dia voarara. Satria mifanohitra amin'ny Sounnah-n'ny Mpaminany (S.A.W).

Ny fiaingana miala tara aorian'ny filentehan'ny masoandro amin'ny anton-javatra tsy misy dikany.

Fa ny Sounnah dia miala haingana aorian'ny filentehan'ny masoandro raha tsy ireo izay manana tambana na fialan-tsiny.

Misy amin'ny olona ny mihevitra fa ny fijoroana eo amin'ny Arafah amin'ny andro Zoma dia mitovy tantana amin'ny fivahiniana masina miisa fitopolo.

Tsy misy Porofo ny milaza izany.

Fahatelo : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ny olona amin'ny fandehanana any Mouzdalifah sy ny fatoriany amin'ny alina any.

Mibosesika mivoakY ny Arafat ary manelingelina ireo fiara maro samihafa.

Ny Sounnah dia ny mivoaka amim-pahatoniana sy amim-pahamendrehana fa tsy manisys ratsy ny hafa.

Misy amin'ny olona mihevitra fa tokony mandro alohan'ny hatory ny alina ao Mouzdalifah.

Tsy misy porofo maripototra milaza an'izany.

Misy ny mihevitra fa tsara kokoa ho an'ny mpitaingin-tsoavaly ny midina an-tongotra miditra ny Mouzdalifah.

Tsy misy porofo maripototra akory ny milaza an'izany.

4.Midina amin'ny toerana iray alohan'ny hahazoana antoka tsara fa efa ao anatin'ny sisintanin'i Mouzdalifah.

5.Mamela amin'ny fanafainganana ny Swalat rehefa tonga voalohany ao Mouzdalifah.

Ny Sounnah ny manafaingana ny Soalat rehefa tonga ao Mouzdalifah.

6.Misahirana manangona ireo vatokely vao miditra ao, ary mihevitra fa izany no tokony atao.

Ka tena tsy misy porofo mari-pototra ny milaza an'izany.

Fanatarana ny Soalat Maghrib sy Ishaa mandrapahatapitry ny fotoany izany, izany hoe eo amin'ny misasakalina.

Fa ny tsy maintsy atao kosa dia fanaovana ny Soalat Magrib sy Ishaa alohan'ny misasakalina, na dia alohan'ny hahatongavana ao Mouzdalifah aza.

Famelomana ny alina mantolo ao Mouzdalifah amin'ny alàlan'ny Soalat sy vavaka, fanompoana, na fialamboly sy ny lalao.

Fa ny Sounnah dia ny mandeha matory sy ny miala sasatra, Manaraka ny ohatry ny Mpaminany (S.A.W) mba hanampy azy amin'ny fanatanterahana ny andraikiny amin'ny andro Eid.

Fivoahan'ireo marefo sy ny mpanaraka azy ireo mialohan'ny misasa-kalina.

Fa ny tena izy dia ny tsy fivoahan'izy ireo raha tsy aorian'ny misasakalina.

Ny fivoahan'ireo izay tsy marefo sy tsy manana olona alohan'ny maraina.

Fa ny tena izy dia ny fijanonana ao Mouzdalifah mandra-pahamarainan'ny andro.

Fanatarana ny fialana ao Mouzdalifah mandra-piposahan'ny masoandro.

Fa ny Sounnah dia ny mivoaka sy miala alohan'ny fiposahan'ny masoandro.

Fahaefatra : Ny fandikan-dalana sy ny fahadisoan'ny olona amin'ny asa atao rehefa amin'ny andron'ny Sorona

1.Mihevitra ny sasany fa tokony mandro mialohan'ny fitoraham-bato.

Tsy misy porofo akory ny milaza an'izany.

Fanasana ny vatokely izay hitorahana.

Tsy misy porofo milaza sy manamarina izany.

3.Ny finoana fa tsy mety ny mitora-bato raha tsy ny vatokely noraïsina tany Mouzdalifah.

Tsy misy porofo manamarina izany, ka azony rehetra alaina na aiza na aiza misy an'ilay vatokely izany.

4.Fitorahana ankoatra ny vatokely, na koa fitorahana amin'ny vato lehibe.

Ary izany dia mifanohitra amin'ny soridalan'ny Mpaminany (S.A.W).

5.Fahatezerena mandritry ny fotoana fanipazana ny vato, ary finoana fa devoly ilay zavatra torahina.

6.Miraka maro be amin'ny vondrona rehefa handeha hitora-bato, ary manelingelina ny olona.

7.Manampy amin'ny azo atao toy ny fanaovana Zikri rehefa manipy vato.

Ny voalohany dia ny mametra azy amin'ny fanaovana Takbir.

8.Mitoraka ny Jamarat fito indray mandeha.

Amin'ity tranga toy izao dia iray ihany no ampy, ary ny tsirairay dia tsy maintsy manipy iray amin'ny endrika misaratsaraka.

9.Fametrahana ny vatokely ao anaty koveta fa tsy manipy azy ireo.

Tsy mahampy izany. Ny fomba fanao dia ny manipy azy amin'ny fanipazana ambany indrindra.

Ny rindrina misongadina no tanjony tamin'ny fitorahana, ary noheveriny fa io no fototra.

Ny tena izy dia ny milatsaka ao anaty koveta na dia tsy mahavao ny marika aza.

11.Manipy avy lavitra, tsy manao antoka fa ny vatokely latsaka ao amin'izay kendrena dia ny ao amin'ny koveta.

12.Mitsangana manao Douan rehefa avy nanipy vatokely tao Jamrat al-Aqaba.

Tsy azo atao izany ary tsy voalaza; Satria tsy misy porofo ny maha ara-dalàna azy.

13.Famonoana ny biby atao sorona sy fanatitra ho an'i Tamattou sy Kirany alohan'ny andron'ny Sorona.

Izay manao izany dia tsy manan-kery avokoa, ary tsy maintsy mamerina ny famonoana izy amin'ny fotoana voatondron'ny Shariaa, izay manomboka amin'ny andron'ny EID ka hatramin'ny andro farany amin'ny Tashrik

14.Ny faniriana hanome ny vidin'ny sorona ho fiantrana.

Izay manao izany, dia tsy mety no sady tsy manan-kery, ary tsy maintsy manao sorona izy.

15.Fanasolana Volo na fanafohezana ny ampahany amin'ny loha.

Ny Sounnah dia ny manasola na manafohy ny volon-doha iray manontolo.

16.Mijanona amin'ny fanaovana Tawaf al-Koudoumo fa tsy ny Toawafo al-Ifadah, na ny manao izany alohan'ny hijoroana ao Arafa sy Mouzdalifah.

Izay manao izany dia tsy mahampy ho azy izany. Satria ny Toawafo al-Ifadah dia iray amin'ireo andry hijoroan'ny Hajjy, ny Hajjy dia tsy manan-kery raha tsy misy an'izany, ary tsy azo atao ihany koa izany raha tsy aorian'ny fijoroana ao Arafa sy Mouzdalifah.

Fahadimy : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ny olona amin'ireo asa atao ao MINA (amin'ny andron'ny Tashriky)

1.Fanamorana amin'ny fanomezan-dàlana olona hafa amin'ny fitoraham-bato.

Ny tena izy dia ny mpanao Hajj dia tokony hitora-bato ho an'ny tenany, raha tsy misy antony ara-dalàna izay mamela azy hanendry olona hisolo tena azy.

2.Mandeha amin'ny anaran'olon-kafa hitorabato alohan'ny hifaranan'ny fombafomba sy andro ny Hadjy.

Diso izany. Fa ny tsy maintsy ataony dia ny mijanona ao Mina na amin'ny toerana izay misy azy mandra-pahavitan'ny fombafomban'ny Hajjy rehetra, avy eo dia manao Taowafo fanaovambeloma vao miala ao.

Ny tora-bato tamin'ny andron'ny Tashriky dia atao alohan'ny filentehan'ny masoandro.

Ny Sounnah dia ny mitora-bato aorian'ny mitataovovonana.

4.Tsy mitoraka ny Djamaraty telo araka ny filaharan'ny Djamaraty.

Fa ny tena izy dia ny filaharany, ka manipy ny Djamaraty voalohany, avy eo ny eo afovoany, avy eo ny lehibe indrindra amin'izy ireny, dia ny Djamaraty al-An-kabat. Ka izay manao izany amin'ny endrika mifanohitra na amin'ny fomba hafa dia tsy maintsy mamerina ny fitorahana izany araka ny filaharany, manisa ny kely indrindra ho valisoa, ary atsipy ny manaraka.

5.Mitsangana manao Douan rehefa avy nanipy vatokely tao Djamaraty al-An-kabat.

Fa ny Sounnah dia ny manao hataka sy fitalahoana aorian'ny fanipazana an'ireo Djamaraty voalohany sy afovoany.

Fahaenina : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ny olona mandritra ny fotoana fanaovana ny Taowafo fanaovam-beloma

1. Manao Taowafo fanaovam-beloma alohan'ny fitoraham-bato ny amin'ny andro farany; Mandeha voyage avy hatrany rehefa avy manipy

Diso izany. Ka izay manao izany dia nanao izany tamin'ny fotoana tsy mety, ka tsy manan-kery ary tsy maintsy mamerina izany rehefa avy nanipy ny vatokeliny.

2. Manendry olona hitora-bato amin'ny anarany, ary manao ny Taowafo alohan'ny nitoraham-bato.

Ny tena marina dia tokony hiandry izy mandrapitorahany an'ilay vatokely ary avy eo dia manao Taowafo fanaovam-beloma.

3. Midika izany fa tsy mitodika any amin'ny Kaaba, fa mihemotra, noho ny fanajana ny Kaaba.

Tsy misy porofo manamarina izany, fa ny sorridàlana tsara indrindra dia ny fitarihan'i Muhammadi (S.A.W).

4. Fitsanganana manao Douan rehefa miala ny Mosque AL-HARAMO.

Tsy misy porofo maripototra ny milaza izany.

5. Ny fijanonana, na ny mijanona ela ao Lameka aorian'ny Taowafo fanaovam-beloma amin'ny zavatra tsy misy antony ara-dalàna.

Fa ny tsy maintsy atao dia ny miala haingana avy hatrany ao Lameka aorian'ny fahavitan'ny Taowafo

fanaovam-beloma. Ka tsy misy maharatsy ihany koa ny miandry ireo namana mbola mividy voan-dàlana, sns.

Raha mijanona ela tsy misy antony mazava tsara kosa dia tsy maintsy mamerina an'ilay Taowafo fanaovam-beloma.

Fahadisoana sy fandikan-dalàna mifandraika amin'ny fitsidihana ny Mosque ny Mpaminany

1.Ny famafana ny rindrina sy ny hidy vy rehefa mitsidika ny fasan'ilay Irakan'Allah (S.A.W) ary ny famatorana ny kofehy sy ny toy izany amin'ny varavarakely ho fitahiana ny soa.

Ny hasoavana dia ao amin'ny zavatra nasain'i Allah sy ny irakan'i Allah (S.A.W) fa tsy amin'ny zava-baovao hafa ankoatrany.

2.Fandehanana any amin'ireo lava-bato ao amin'ny Tendrombohitra Ouhoudi, ary toy izany ihany koa any amin'ny lava-bato ao Hy-rat sy ny lava-bato ao Lameka, ary famatorana ny voro-damba eo aminy sy miangavy amin'ny hataka sy fitalahoana izay tsy noeken'i Tompo Allah, ary miaritra ny fahasahiranana amin'ny fanaovana izany.

Ireo rehetra voalaza ireo dia forona avokoa ary tsy misy porofo ao amin'ny Sharia madio.

3.Ny fitsidihan'izy ireo ny toerana sasantsasany izay lazain'izy ireo fa vakoka azo avy tamin'ilay

Irakan'Allah (S.A.W) toy ny toeram-pitsaharan'ny rameva, ny lavaka fantsakana, na ny fantsakana Othemàn, ary ny fakana vovoka amin'ireo toerana ireo hahazoana fitahiana sy hasoavana.

4.Douàn ho an'ireo maty rehefa mitsidika ny fasan'i Baki sy ny fasan'ireo maritiora tao Ouhouidi ary manipy vola amin'izy ireo mba hanakaiky azy ireo sy hitadiavana fitahiana amin'ny fianakaviany.

Ka izany rehetra izany dia fahadisoana lehibe, ary endrika iray lehibe indrindra eo amin'ny lafiny fanompoan-tsampy mihitsy aza izany, araka ny voalazan'ny manam-pahaizana, ary nasehony ny Bokin'i Allah sy ny Sounnah an'ilay Irakan'i Allah. Satria ny fanompoana dia ho an'i Allah irery ihany ary tsy azo atao ny manolotra izany ho an'Olonkafa, toy ny hataka sy fitalahoana, ary ny sorona, sy ny voady sy ny toy izany avokoa, araka ny Teniny manao hoe :

(وَمَا أُمِرُوا إِلَّا لِيَعْبُدُوا اللَّهَ مُخْلِصِينَ لَهُ الدِّينَ...)

"Ary tsy nasaina izy ireo afa-tsy hanompo an'i Allah amim-pahadiovam-po, ho an'ny finoana marina) (Al-bayynat:5).

Andriamanitra anie hitahy sy hanome fiadanana sy fahombiazana ho an'ny Mpaminany Mouhammad (S.A.W).

Fanoroam-pejy

Ireo hadisoana sy ny tsy fanarahan-dalàna amin'ny Hajj sy Oumrah ary ny famangiana	2
Ireo hadisoana sy ny tsy fanarahaan-dalàna mifandraika amin'ny Oumrah	2
Voalohany : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoana izay hita fa ataon'ny Olona maro amin'ny lamba Ihram.....	2
Faharoa : Ny tsy fanarahan-dalàna sy ny fahadisoan'ny olona mandritry ny fotoana fanaovana Tawaf.....	7
Fahatelo : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ny Olona eo amin'ny fivezivezena.	12
Fahaefatra : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ny olona amin'ny fanasolana na fanafohezana ny volo.	15
Fahadisoana sy fandikan-dalàna mifandraika amin'ny Hajj	16
Voalohany : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ireo olona amin'ny andron'ny Tarwiyah (andro fahavalo ny volana ny Hajjy)	16
Faharoa : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ny Olona amin'ny andro Arafa	17
Fahatelo : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ny olona amin'ny fandehanana any Mouzdalifah sy ny fatoriany amin'ny alina any.	20
Fahaefatra : Ny fandikan-dalana sy ny fahadisoan'ny olona amin'ny asa atao rehefa amin'ny andron'ny Sorona	22
Fahadimy : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ny olona amin'ireo asa atao ao MINA (amin'ny andron'ny Tashriky)	24
Fahaenina : Ny fandikan-dalàna sy ny fahadisoan'ny olona mandritra ny fotoana fanaovana ny Taowafo fanaovambeloma.....	26
Fahadisoana sy fandikan-dalàna mifandraika amin'ny fitsidihana ny Mosque ny Mpaminany.....	27

mg406v3.0 - 06/09/2026